

16, 17 sy 18 septembre 2016

ARS (Frantsa)

FIHAONANA "LAHIKA SY NY SŒURS DU CHRIST "

« **Natoronao ahy ny lèlan'i Ars, hatoroko anao ny lèlan'ny Lanitra** ».
Ilo no nolazain'i Md curé tamin'i Antoine zaza tanora nifanena taminy raha
izy nitady ny lèlana mihazo ny Fiagonany vaovao.

Natoky azy sy ny fampantanenay izahay tamin'ny fihaonanay

"Fianakaviana ara-panahin'ny Sœurs du Christ"

Nisy teo amin'ny roapolo izahay, lahika sy masera, avy amin'ny lafy valon'i Frantsa. Dieny tamin'ny fanombohan'ny fihaonana dia nifanatona nandeha tsiroaroa nifampiresaka niainga tamin'ny fanontaniana nahafahan'ny tsirairay nampahafantatra ny tenany :



Ny olona ao Baiboly misongadina kokoa ho ahy dia i Md Joany Evangelista, izy irery ihany ho ahy no manambara ny matoanteny « tia » araka izay iriko iainana : « Ary ny Teny tonga nofo ka nonina niaraka tamintsika ».

Tonga eto Ars aho androany hiroboka indray ao amin'ny fahatsoran'i curé d'Ars, hiaina indray ny fitiavany mire-dareda ho an' ny Fitavan'Andriamanitra , mba hihaona amin'ny gropy hafa sy hizara izay ao am-po .



Renée, lahika,, Lyon



Ny fandraisako anjara amin'ny mpikambana lahika Assocés amin'ny Sœurs du Christ dia voalohany amin'ny maha mpinamana izay nahala-lako andry masera: Jacqueline, Jeanine, Geneviève ; mpinamana marina, feno fahatsorana, feno firahalahina, malala-tànana.

Nandritra ny fotoana lava aho dia ondry very, very noho ny sedra, ny fahafatesana...ary namela ny tenako hizatra tamin'izany aho ...Tonga nitady ahy ny Tompo, tao anatin'ny haizina ambanin'ny tany, toy ny fahazavana kely mirehitra ...Izao fihaonan'ny Sœurs du Christ-lahika Assocés izao dia fotoana manan-danja sy hahafahana mihaona amin'ny olona rehetra hatraiza hatraiza, miaina am-pirahalahiana, miaina ny Tenin'Andriamanitra, manohy ny lèlantsika mba hampisy bebe kokoa ny firahalahiana.

Colette, lahika, Toulouse

« Tany Vendhuile, nisy vondrona lahika associés ary naniry ny hihaona tamin'izy ireo aho. Nahita olona aho mifantoka amin'ny fiainana, mirotsaka sy tsy tia sehoseho. Mandala ny fiombonana ny tsirairay noho ny firotsahany amin'ny maha-kristianina azy miaina ny sori-dàlam-piainan'ny Sœurs du Christ ; manampy azy hiaina ny fiainana maha misiônera azy izay ho an'ny fanompoana an'i Jeso-Kristy sy hampahalala azy. ..Tena sambatra aho amin'izao faran'ny herinandro izao. Anisan'ny mitondra ahy amin'ny fototra maha kristianina ahy i curé d'Ars, noho ny fanetren-tenany, fifanarahen'ny ataony sy ny lazainy. Tsy manana fidiana aho eo anatrehany, tena tsapako fa ao amin'ny finoany no anovozany hery. ... Miantso Andriamanitra ... raha mamaly, omeny antsika izay rehetra ilaintsika. .. Faran'ny herinandro toy izao maneho ny maha-zava-dehibe ny fahambonian'ny olona : Tonga nofo Andriamanitra, afaka mifampizara am-pirahalahiana izahay. »

Masera Denise, St



« Tonga aty Ars aho noho ny lohavevitry ny Famindram-po mihoatra noho curé d'Ars, na dia tiako aza izy noho ny fahatsorany. Ho ahy dia tahaka an'i Moizy sy Isaaka rehefa sahirana hiteny amin'olona , avelako miasa ny Fanahy Masina, mamela ahy handeha ho eo an-tanan'Andriamanitra aho. Tiako ihany koa ny fisokafan'i curé d'Ars sy ny fiahiany tsy hanavakava, mihaino ny tsirairay, mpanota kely sy hirin-giriny. Nanaitra ahy ihany koa ny fifanandrinana nianany « Fiangonana mahantra ho an'ny mahatra » sy ny ady nataony hanatsarana ny fiangonany satria « Tsy misy ny tena tsara ho an'ny Tompo ».

Izao fihaonana izao dia fotoana hanontaniana te-na ny amin'izay ataontsika hita maso sy hampenantana indray ny vondrona misy antsika. »

Pierre, diakra, St Quentin





« Aty Frantsa, teraka tao Villeurbanne ny « Lahika Associés » ... Noho ny fanendrena hifindra toerana, nahateraka ny tarika ha-fa... Ny vondrona Lahika Associés dia tsy isalasalana fa von-dron'olona mpinamana fa mbola lalina kokoa, toerana itom-boan'ny maha olona sy ara-panahy izay manampy hahita firin-drana eo amin'ny fiainany.

Rehefa manentana ireo vondrona ireo aho dia hitako fa ny het-sikin'ny Lahika Associés, dia aina ; tsy tompon'ny karisman'ny fikambanana isika, antso ihany koa ao anatin'ny fiainan'izy ireo io. Mizotra miaraka amin'ny làlan'ny fiainana mba ho vavolombelona isika.

Amin'izao faha-40 taona ny fikambanana izao, ny faniriako ny amin'ireo vondrona ant-soina hoe « *fianakaviana ara-panahin'ny sœurs du christ* »ireo dia ho sahy mandraka-riva hanambara misimisy kokoa izay manampy azy haina sy hanohy hiverina andoharano mba hijoro ho vavolombelon 'i *Kristy, Fototra sy mpanatontosa ny maha iray.* »

Masera Geneviève, Craponne-sur-Arzon

Eny, tena fotoan-dehibe nifankahalalana, feno fahatsorana sy mahitsy, vonton'ny hafatra fitiavana sy fanetren-tenan'i Md Jean Marie Vianney, tamin'ny alàlan'ny fampianarana roa mikasika ny famindràm-po, tamin'ny alàlan'ny fotoam-bavaka sy fankalazana, tsy hadino ny fototra, raha atao vazivazy, dia ireo Mpampianatra am-panahy ary ny fizarana izay mameno ny fainanay.

